# Fiofanana ireo AV sy PSP

## 23 24 25 NOV 2020

# Inona no ilàna ny toro-lalana mametraka ny kalitao amin'ny Voamami ?

- MILA TANDREMANA – **Manana ny andraikitra ny hampiofana sy hanaraka Voamami napetraka tamin'ny kalitao isika fa tsy hoe hanenjika ny isan'ny Voamami ihany.**

**Ahoana no ahitana fa voahaja ny kalitaon' ny Voamami iray ?**

# Ahoana no ahitana fa voahaja ny kalitaon'ny Voamami ?

- **Ny Voamami manaja ny kalitao dia**
  - ✓ Mametraka ny tombotsoan'ny mpikambana ho zava-dehibe indrindra
  - ✓ Mamaly ny filan'ny mpikambana
  - ✓ Manome tombotsoa voafaritra mazava tsara ho an'ny mpikambana
  - ✓ Manome toky fa haharitra
  - ✓ Tsy mampijabaka ny mpikambana

# Manambara fa misy kalitao ve ny fifidianana ny birao isaky ny manomboka ny tsingerina vaovao ?

- ENY sa TSIA ?

# Manambara fa misy kalitao ve ny fifidianana ny birao isaky ny manomboka ny tsingerina vaovao ?

- ENY satria ?
- Eny satria ny fanavaozana ny birao dia atao amin'ny alalan'ny fifidianana **(1) mangarahara, tsy an-tery** ary **(2) tsy misy didy jadona na fanerena** ataon'ny mpikamban'ny birao.
  **Raha toa ka mbola mendrika sy nahazo mari-pankasitrahana avy amin'ny mpikambana hafa dia voafidy indray ireo rehefa tonga ny fifidianana amin'ny tsingerina vaovao.**

# Manambara fa misy kalitao ve ny fisian'ny sata sy ny fitsipika anatiny ?

- ENY sa TSIA ?

# Manambara fa misy kalitao ve ny fisian'ny sata sy ny fitsipika anatiny ?

- ENY sa TSIA ?
- Eny satria ny fisiana sata sy fitsipika anatiny tena nifanekena sy mifanaraka tsara amin'ny tombotsoan'ny mpikambana **dia ho eken'ny mpikambana kokoa indrindra rehefa tojo zava-tsarotra ny Voamami**.

# Manambara fa misy kalitao ve ny fitazomana ny tsiambaratelon'ny Voamami indrindra mikasika ny vata ?

- ENY sa TSIA ?

# Manambara fa misy kalitao ve ny fitazomana ny tsiambaratelon'ny Voamami indrindra mikasika ny vata ?

- ENY satria ?
- ENY satria io no **ho entina miaro ny volan'ny Voamami indrindra amin'izao tsy fandria-pahalemana izao**.
  Ny Voamami tsy mitandrina io tsiambaratelon'ny Voamami io dia mampijabaka ny mpikambana ho very vola.

# Manambara fa misy kalitao ve ny fitazomana ny karne na registre ao ivelan'ny fivorian'ny Voamami ?

- ENY sa TSIA ?


# Manambara fa misy kalitao ve ny fitazomana ny karne na registre ao ivelan'ny fivorian'ny Voamami ?

- TSIA satria ?
- Satria **miteraka ahiahy eo amin'ny samy mpikambana** rehefa heverina fa misy olon-kafa afaka mijery na manova.
  **Ny ahiahy tsy hiavanana = tsy misy kalitao** !
  .

# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami

- Mizara vondrona 04 isika ary samy mandinika ireto olana ireto avy
- Manao **kisarisary toy ny hazo sy ny fakany ary ny voany** rehefa mihevitra ny olana eny amin'ny Voamami hamakafakana ny olana, ny fototry ny olana sy ny vaha-olana.

# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami



# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami

- VONDRONA I :
- Tsy misy fivoriana matetika intsony ny Voamami.
- **Misy tsy mahafehy tsara ny andraikiny ny mpikamban'ny komity.**

# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami

- VONDRONA 2:
- Tara ny fandraisana an-tsoratra ny bokin'ny Voamami ary misy tsy mazava.
- **Tsy fantatra mazava tsara ny vola an-tanana sy ny findramam-bola mbola tsy voaverina.**

# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami

- VONDRONA 3:
- Maro ny mpikambana efa nifindra fonenana ka tsy hita intsony.
- **Very ny vata.**

# Asam-bondrona : ny fijerevana akaiky ny olana sy ny fototry ny olana ary ny vaha-olana eo @Voamami

- VONDRONA 4:
- Tsy misy kalitao mihitsy ny Voamami misy anay nefa eto amin'ny Commune eto ihany misy tena mandeha tsara.
- **Tsy misy FCD voangona mihitsy ny Voamami misy anay.**

# Inona no zavatra azonareo mpandray anjara teo ?

- 
- 
- 
- 